

# Andro Iraisam-pirenena ho Fitondrana am-bavaka ireo Ankizy Marefo

22 May 2021

## “Tantàno izy...”

Nosoratan’i Herinirina Margery,  
Talen’ny Sampana Miadidy ny Ankizy  
Fivondronamben’ny Federasionan’ny Fiangonana Advantista Ranomasimbe Indiana



## SASINTENY

Misaotra ny Tompo isika noho ny nanomezany antsika ity sabata manokana ho an'ny ankizy marefo ity.

Efa an-taonany maro no nanokanantsika sabata hitondràna am-bavaka ireo ankizy marefo ary ho fanentanana ny fiangonana mahakasika ny anjara andraikiny amin'izy ireny. Koa anio ary dia toa alaim-panahy aho hilaza hoe amin'izao fotoan-tsarotra mampianaka ny valan'aretina izao indrindra no tokony hitodiana ny fiangonana misimisy kokoa amin'ireny ankizy ireny.

Manambara amintsika ny UNICEF fa ny vesatra ateraky ny COVID-19 eny anivon'ny fiarahamonina dia misy fiantraikany mivantana amin'ny ankizy - ny fiainany, ny fiarovana ny ainy, ny fahasambarany ary ny hoaviny. Mandritra izao fihiboana izao dia mitombo izay tsy izy ny antony mety hitrangan'ny herisetra, fanararaotana ary ny tsy fandraisana andraikitra ary anampian'ny UNICEF izay voalazany dia ambarany fa ilaina ny ezaka avy amin'ny ankolafiny rehetra mba tsy hahatonga ity krizy ara-pahasalamana ho krizin'ny zon'ny ankizy. Koa araka ny hevitra dia manana ny anjara andraikiny koa ao anatin'izany ny fiangonana.

Mirary tontolo andro feno fitahiana, hahafahantsika mianoka anatin'ny vavaka sy hifampizarantsika fanandramana. Enga anie ny tsirairay avy amintsika mba samy handray fanapahan-kevitra handray ka hitantana ankizy iray.

Ny mpanompovavinareo,

Herinirina Margery

## Soso-kevitra ho amin'ny fizotry ny fotoana

Antso ho amin'ny fiankohofana (Vakiteny Salamo)

Hira fiderana

Vavaka fiderana an'Andriamanitra

Fiarahabana

Fihirana laharana faha-

Vakiteny Soratra Masina

Genesisy 21 :17« *Ary ren'Andriamanitra ny feon'ny zaza, dia niantso an'i Hagara Ilay Anjelin'Andriamanitra tany an-danitra ka nanao taminy hoe: Inona izato manjo anao, ry Hagara ? aza matahotra, fa efa ren'Andriamanitra ny feon'ny zaza eo amin'ny itoerany.*»

Vavaka Pastoraly

Fanentanana ho amin'ny fanatitra sy ny ampahafolony

Fotoana manokana ho an'ny ankizy

Hira manokana na ataon'ny antoko mpihira

Toriteny

Fotoana manokana hitondrana am-bavaka ny ankizy marefo

Fihirana laharana faha-

Vavaka famaranana

# TORITENY HO AN'NY ANKIZY

## Fety hafa noho ny hafa

10 taona i Paul, fony nisaraka ny ray aman-dreniny. Tsy nanana asa manokana ny reniny ary sahirana tokoa izy taorian'ny nisarahan'izy mivady. Tsy mora tamin'ny Paul ny niaina izao toe-javatra izao. Tsy afaka nandeha niala sasatra toy ny fanaon'izy ireo intsony izy. Tsy hita teny aminy intsony ny fahamiranana. Nalahelo mafy i Pierre namany rehefa mahita azy toy izany. Notantarain'ity farany tamin'ny ray aman-dreny ny toe-javatra niainan'i Paul.

Tonga ny volana desambra. Samy niresaka mahakasika ny fetin'ny krismasy sy ny taom-baovao avokoa ny ankizy rehetra. Ny sasany nilaza fa nangataka bisikileta tamin'ny ray aman-dreniny, ny hafa « tablette », ny an'ny hafa kosa irony fiara « téléguidées » irony, nisy ireo nanafatra kilalao hafa. Ny rehetra dia efa tsindrian-daona avokoa miandry izany vanimpotoanan'ny fety izany. Fa i Paul kosa tsy dia hita rototra firy. Efa fantany fa ho sarotra ny fandalovany izany vanimpotoana izany, ho feno fihetsehampo satria tsy hanam-bola hividianana fanomezana ho azy ny reniny – ankoatr'izany dia izany no fankalazana ny fety voalohany tsy hiarahany amin'ny rainy.

Nalahelo mafy ity namany i Pierre, ka niangavy ireo ray aman-dreniny izy mba hanampy azy hanomana zavatra manokana ho an'i Paul sy ny reniny. Raha samy niandry ny fanomezany avokoa ny ankizy rehetra, i Pierre kosa nanisika valopy nisy vola 20,000 Ariary tao am-baravaran'i Paul. Iza no nosoratany teo ivelan'izany valopy izany « Tianay ianareo ». Tsy vitan'izany fa mbola nampiarahany tamin'ny harona kely feno vatomamy, mofomamy, ary karazana bisky koa izany. Faly dia faly tokoa i Paul sy ny reniny nandray ireo fanomezana ireo. « Nisy olona, tsy nitonona anarana, niezaka hampifaly antsika, mba handalovantsika fety mamy », hoy i Paul naneho ny hafaliany tamin'ny reniny. Tsy notantarain'i Pierre tamin'i Paul mihitsy ny tena zava-nisy marina. Tsy tiany ny hanao izay hampahamenatra an'i Paul. Nanao izay azony natao hatrany izy hanampiana ity namany, ary isan-kariva, rehefa nivavaka izy ireo dia nangataka tamin'Andriamanitra ny hitahiany an'i Paul – hahatsapan'izy mianaka fahasambarana misimisy kokoa. Nangataka tamin'Andriamanitra koa ny hanomezany azy ireo izay ilainy amin'ny fianany andavanandro.

Moa va tsy mahafinaritra loatra izany fihetsik'i Pierre tamin'i Paul namany izany ? Maro ireo ankizy malahelo eto ambonin'ny tany ary mba manantena ny hafa hitondra fifaliana kely ho azy. Azonao atao ny manao izay efa nataon'i Pierre. Maro isan-karazany ireo fomba azo hanampiana ny hafa. Ankehitriny dia mangataka aminao Andriamanitra hieritreritra ankizy izay mety mila fanampiana ary hihevitra izay azonao hatao amin'izy ireny. (*Apetraho amin'ny ankizy ny fanontaniana ny amin'ny fomba azon'izy ireo hatao hanampiana ny hafa. Mety hanana hevitra tsy hampoizintsika izy ireny.*)

**Miaraha mivavaka amin'ny fomba manokana amin'ny ankizy amin'ity sabata ity ary ampaherezo izy ireny hanohy hivavaka ho an'ireo namany mandalo fotoan-tsarotra, rehefa tonga any an-tranony.**

# Toriteny

« Tano mafy ao an-tànanao izy... »

## Vakiteny Soratra Masina

Genesisy 21 :17<sup>«</sup> *Ary ren'Andriamanitra ny feon'ny zaza, dia niantso an'i Hagara Ilay Anjelin'Andriamanitra tany an-danitra ka nanao taminy hoe: Inona izato manjo anao, ry Hagara ? aza matahotra, fa efa ren'Andriamanitra ny feon'ny zaza eo amin'ny itoerany.*”

Amin'ity andro manokana ity dia tiako ny hiresaka aminareo tranga iray ao amin'ny Baiboly izay efa diso fantatsika loatra ary heveriko fa mifandraika indrindra amin'ny lohahevitr'ity andro ity, ka tokony hojerentsika amin'ny fomba manokana. Hiverenantsika jerena izany ary hiezaka hisintona lesona avy amin'izany isika.

Ny Baiboly dia mitantara amintsika ny fiainan'ny zazalahy kely iray izay niaina toe-javatra iray sady tsy nangatahany, no tsy niriny.

Teraka teo anivon'ny fianakaviana nanan-katao izy. Mpanompovavin'ny rainy ny reniny. Naharay baiko avy tamin'ny tompovaviny ny renin'ilay zazalahy handry amin'ny vadiny satria tsy afaka ny hanan-janaka izy. Tamin'ny voalohany dia nizotra tsara ny fifandraisan'izy ireo, saingy indrisy, rehefa nitoe-jaza ilay mpanompovavy dia niova tanteraka ny toe-javatra. Tsy te-hijery azy akory ilay tompovaviny, nohamavoiny izy – eny noroahany niala tao an-tokantrano mihitsy. Koa raha mbola nitomany ny amin'izay nanjo azy izy, nirenireny lavitra ny tokantrano nisy azy dia nandre ny feon'ny Tompo, niteny taminy hiverina any amin'ny tompovaviny. Niharatsy anefa ny toe-javatra rehefanahazo rahalahy iray tam-po taminy ilay zaza, zanak'ilay vady voalohany.

Nitsimbadika ambony ambany ny toe-javatra. Tsy mba toy ny mpiray tam-po taminy ny fifandraisan'ilay zandriny taminy - nahazo tombontsoa manokana ity farany. Ohatra : nanomanana fety manokana izy rehefa nisara-nono tamin'ny reniny. Ankehitriny, rehefa nahazo zaza ho azy ny renikelin'ity zazalahy ity dia fijery feno fankahalàna no nijerendravehivavy ity farany – tsy mba afaka nihomehy ilay zaza, ny fihetsiny rehefa dia tsy maintsy nahazoana fanamarihana avokoa. Tamin'ny farany aza dia nangataka tamin'ny vadiny ravehivavy ny handroahana ny reniny sy ny zaza hiala tao an-tokantrano. Koa satria, tsy hitan'ilay raim-pianakaviana izay hatao, dia nanaiky ny fangatahan-dravehivavy ilay raim-pianakaviana, ka noroahany, niala tao an-tokantrano izy mianaka. Nitoetra tany an-efitra izy ireo. Nalahelo mafy ny fon'ity reny teo am-pahitàna ny zanany efa nila ho faty. Tsy mora ny toe-javatra niainan'izy ireo. Noho ny famindrampony mahagaga anefa dia namonjy ilay zazalahy kely Andriamanitra. Eny, araka ny efa nanampoizanao azydia Ismaela ilay zaza marefo resahantsika ankehitriny.

Sitrako ny hisintonantsika lesona telo lehibe avy amin'ity tantara mampihetsi-po, izay voarakitra ao amin'ny Testamenta Taloha ity. Matetika tokoa isika no mampiompana bebe kokoa ny fianarantsika amin'ilay andalan-tSoratra Masina izay ilazan'Andriamanitra hoe "*fa hataoko firenena lehibe,*" (Ismaela)(and. 18), ka tsy tsikaritsika loatra ireo ratra izay niainan'ity zaza ity.

## 1. Hitan'Andriamanitra ary reny avokoa ny feon'ireo ankizy tandindomin-doza

Ao anatin'ny tontolo iray izay andrenesana ny tolokon'ireo ankizy sy tanora isan'andro, vokatry ny fandoazan'ny ray aman-dreny sy ny vesatry ny fiainana, dia aoka ho fantatsika fa mandre ny feon'ireny ankizy ireny Andriamanitra.

Izao no lazain'ny andininy faha-17 amintsika « *Ary ren'Andriamanitra ny feon'ny zaza*, dia niantso an'i Hagara Ilay Anjelin'Andriamanitra tany an-danitra ka nanao taminy hoe: Inona izato manjo anao, ry Hagara ? aza matahotra, *fa efa ren'Andriamanitra ny feon'ny zaza eo amin'ny itoerany.* »

Hitan'Andriamanitra ilay zazalahy kely nivalapatra teo ampototry ny hazo kely iray tany an-efitra ary reny ny feony (and 15,17). Tsy nanan-kialofana izy, tsy nisy mpiaro. Mety mbola misy toe-javatra mangidy lavitra noho izany zaza mitoetra any an-tany foana izany va ? Toa mitomany tahaka ny reniny izy. Kanefa, moa ranomaso eo am-pitalahoana amin'Andriamanitra izany, sa ranomaso vokatry ny fahoriana sy ny fahantrana lalina niainan'izy ireo ? Tsy fantatsika ny antony. Na izany, na tsy izany, dia nipaka tany antsofin'ny Tompo ny fitarainan'izy ireo. Antra azy ny Tompo ary nanafaka azy ireo tamin'izao fahoriana lalina izao.

Eny, na dia ankehitriny aza dia mbola mahita sy mandre hatrany ireo ankizy tandindomin-doza Andriamanitra, na aiza na aiza misy azy ireny, na ao an-tokantrano na any ivelany. Ao an-tokantrano dia tokony hahatsapa fiarovana ny ankizy. Indrisy anefa fa mety ho tontolo anjakan'ny fanararaotana, na toerana anjakan'ny fampijaliana na herisetra ara-tsaina, arapihetsehampo ary ara-batana – eny mety ho ara-nofio mihitsy aza izany. Misy ireo ankizy izay miaina ao anivon'ny tokantrano anjakan'ny ady lavan'ny mpivady, na ireo ankizy izay tsy mba misy mpahita satria sahiran-dava ny ray aman-dreny, hany ka mahatsapa ho irery sy voailikilika izy ireny. Any ivelan'ny tokantrano – mety izany any amin'ny trano fitaizana zaza kamboty, na trano natao fialokalofana, na sekoly– indraindray aza dia ny fiangonana mihitsy–dia tsy mba mahazo, tsy mahatsapa fitiavana ny ankizy – na ao anatin'ny any ivelany. Any an-tany efitra no fahitany ny tenany. Aoka tsy hohadinointsika fa eny amin'izy ireny mandrakariva ny mason'Andriamanitra, ary mandre azy ireny Izy na aiza na aiza misy azy. Tsara ny manamarika fa Andriamanitra dia mandre ny feon'Isimaela tany an'efitra. Eny rehetra eny Andriamanitra, ary afaka mandre ny fitarainanan'ny olona, ny fitarainan'ny ankizy, na aiza na aiza misy azy ireny. Hoy ny Salamo 102: 17 amintsika : "*Nijery ny fivavaky ny mahantra Izy, ka tsy nanevateva ny fivavany.*"Ny anaran'Ismaela mantsy dia midika hoe « Mandre Andriamanitra », arak'izay ahitantsika azy ao amin'ny Genesisy 16:11.

Andeha horaisintsika ny lesona voalohany avy amin'ity andinin-tSoratra Masina ity : **Ny mason'Andriamanitra dia eny amin'ny ankizy mandrakariva - mahita sy mandre azy Izy na aiza na aiza misy azy ireny.**

## 2. Manome izay ilaina Andriamanitra

Tsy ampy rano ny zaza, ka tsy maintsy omena rano. Ny Baiboly dia mitatitra fa « *lany ny rano* » (and. 15). Rehefa avy nirenireny tao anatin'izany hafanana izany, dia resin'ny havizanana sy ny hetaheta tanteraka Isimaela. Mafy dia mafy ny nahazo azy. Efa ho faty izy. Tsy zakan'ilay reny ny hanatrika ny fahafatesan'ny zanany, ka lasa izy nipetraka lavidavitra, nanandrify azy (and.16). Niditra an-tsehatra Ilay Andriamanitra izay mandre sy

nahita izay nanjo ilay zaza. Tsy nitaredretra Izy nikarakara azy. Ny fahamailahan'Andriamanitra hanampy antsika rehefa tojo fahasahiranana isika dia tsy tokony handalo fotsiny. Amin'ny maha-Mpamorona antsika Azy, dia manome izay rehetra ilaintsika Izy ! Manome mihoatra izay angatahantsika ary manana fomba arivo hanampiana antsika.

Mahakasika an'Isimaela manokana, dia nosokafan'Andriamanitra ny mason'i Hagara hanehoany aminy loharano any an-efitra. (and. 19) - fantsakana tsy mbola fahitany hatramin'izay. Nahoana ? Maro ny petra-kevitra na fanazavana azo omena mahakasika izany : mety ho sondriana nandinika ny fitondran'Andriamanitra angamba i Hagara, ka tsy nahita ny fisian'izany hatramin'izay ; na noho ny tsy fahampian'ny fifantohana sy nyfikorontanan-tsaina dia mety ho tsy voadininy ny fisiany ; na mety ho vonton-dranomaso sy vonton'ny kiakiaka ireo masonry roa ka tsy nahatsikarika ny fisian'izany mihitsy izy. Tsy azo lavina koa anefa fa mety mbola tsy nisy an'io loharano io velively teo hatramin'izay, fa vokatry ny Herin'Andriamanitra izany, izay afaka manokatra tendrombohitra eny andohasaha ary manao ny tany hay ho dobon-drano, rehefa sitrapony. Iza no lazain'ny Isaia 41:18 amintsika: « *Hampiboika renirano ao amin'ny tendrombohitra mangadihady Aho ary loharano ao amin'ny lohasaha; Hanao ny efitra ho farihy Aho ary ny tany karankaina no loharano miboiboika.* ». Petra-kevitra mahakasika ny fahajambana nahazo an'i Hagara avokoa izany. Na izany aza, azontsika atao ny milaza fa maro ireo zavatra manakana antsika tsy hahita ireo tombontsoa omen'Andriamanitra antsika hahafahana manolo-tànana amin'izay mila antsika. Ny fitiavan-tenantsika, ny ahiahintsika isan'andro, ny tsy fahaizantsika maneho fangorahana ary ireo maro hafa. Ireny rehetra ireny dia mety hanajamba antsika avokoa.

Nahiratra ny mason'i Hagara, dia nitsangana izy ka nofenoiny rano ny siny hoditra, ka nampisotroiny ny zaza. Dia afaka hetaheta izy ka nody ny ainy.

Misy fitoviana lehibe eo amin'ny tantaran'ireo mirahalaha zanak'i Abrahama. Hitanisa vitsivitsy amin'ireny aho, ho fanehoana ny fomba fiasan'Andriamanitra ho famonjena ny hafa. Amin'ireo tranga roa ireo no ahitantsika zaza nanoloana ny fahafatesana ; ny fidiran'ny Irak'Andriamanitra an-tsehatra ary ray aman-dreny nahita tamin'ny fomba tsy nampoizina ny vahaolana nanoloana ny toe-javatra – Nahita ny fantsakana i Hagara ary Abrahama kosa nahita ny zanak'ondry. Manoloana toe-javatra mampihetsi-po loatra toa izany dia tonga mitondra famonjena Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fanokafana ny mason'ireo izay sahirantsaina mafy, ary maneho amin'izy ireo ny fomba fiahiany ny zanany. Voafetra ny sain'ny zanak'olombelona, ka tsy hitan'izy ireo ireo tombontsoa omen'Andriamanitra azy mba hahafahany manasoa ny hafa. Sambatra ireo izay ampahiratin'ny Fanahin'ny Fahasoavan'Andriamanitra, ka afaka mahita ny fantsakan'ny rano velona, ny loharano, ary ny fahafenoan'ny fahasoavana izay ao amin'i Kristy, izay hahafahan'ny fanahy mangetaheta misotro sy migoka fahasambarana.

Mbola miahy ny zanany hatrany Andriamanitra mandrak'ankehitriny, ary amin'ny Heriny dia mbola manao fahagagana Izy, mba ho fanomezana fahafaham-po ny filàn'ny tsirairay, indrindra ireo izay ampahorina sy ailikilika. Mbola mandre ny fitarainantsika Izy ary manome antsika mihoatra izay andrandraintsika. Eny, mihoatra noho izany aza, dia ny Tenany mihitsy no natolony. Ny hany andrasana amintsika dia ny hitalahoantsika Aminy.

Iza no lazain'ny Hebreo 5 :7, mahakasika an'i Kristy : « *Tamin'ny andron'ny nofony, raha nanao fivavahana sy fangatahana nomban'ny fitarainana mafy sy ny ranomaso be tamin'izay nahavonjy Azy tamin'ny fahafatesana Izy, sady voahaino noho ny fahatahorany an'Andriamanitra.* »

### 3. Maniraka ary mampiasa ny olombelona Andriamanitra ho famonjena ny hafa

Ity asa famonjena ity dia tsy nankinina tamin'ny anjely. Voninahitra lehibe ary tombontsoa ho antsika ny tonga mpanompon'ny fitiavan'ny Ray. Mety ho azon'ny anjely atao ny mitondra ny vaovao mahafaly, mba hankatoavantsika. Hasehon'ny anjely ny fitaovana hoenti-miasa, mba hahafahantsika mitondra ny fitahiana. **Tsy maintsy nameno rano ny siny hoditra Hagara, ary nampisotro ny zaza. Tsy maintsy nanarina azy izy ary nitantana azy.**

"*Tantano...*" izy (and. 18) Ara-bakiteny izany dia midika hoe : « Ampifamatory mafy amin'ny tãnany ny tãnanao. » Raha adika amin'ny fomba fiteny andavanandro izany dia manao hoe : « **Tohano izy ankehitriny, karakarao mandra-pahalehibeny.** » Mbola tanora loatra, malemy, marefo Ismaela. Tsy maintsy nila olona hitarika azy sy hitondra azy ho amin'ny fahamatorana izy. Nampahatsiahivin'Andriamanitra an'i Hagara fa nanana drafitra ho an'ity zaza ity izy - "*Hataoko firenena lehibe izy*" **Manana drafitra ho an'ny ankizy rehetra eto ambonin'ity tany ity Andriamanitra. Miandry ny fiangonana Izy hitsangana ; miandry ny tsirairay Izy hitsangana, ka handray ny tãnan'ny ankizy iray - hikarakara azy ary hanome azytombontsoa ho tonga olona manana fahamendrehana eo anivon'ity tontolo marary ity.**

Mety misy « Ismaela » va ao amin'ny fiangonanao na eo anivon'ny fiaraha-monina misy anao? Misy ankizy va mila anao hitantana azy mandra-pahalehibeny ? Ny fandoazana, ny fanaovana tsirambina, ny fanararaotana dia olona maneran-tany. Matetika, ireny olona niharan'ny fandoazana ireny dia mahatsiaro tena ho irery, trotraka, ketraka ary mety manontany tena mihitsy hoe « angamba efa nandao azy ireny Andriamanitra ». Fa, anio, dia mamelà ahy ianareo hiteny hoe, miandry anao hitsangana Andriamanitra ary efa vonona ny hanampy anao Izy. Hampahiratra ny masonao Izy, hahafahanao mahita izay ilainao mba ho fanampiana ireny zaza ireny. Fantany ny fijalian'izy ireny. Izany fijaliana izany dia mety ho vokatry ny fanaovana antsirambina ny fanabeazana ara-panahin'izy ireo koa, kanefa izany dia tena manan-danja tokoa amin'ny famonjena azy ireo. Nanao fanandramana niaraka tamin'izany Andriamanitra izany Hagara, ka El Roi no niantsoany Azy – Ilay Andriamanitra mahita sy manomana mialoha. (Gen. 16 :13) Ao anatin'ny habibiana, ny tsy fandraisana andraikitra ary ny fitobahan'ny fahotana dia miditra an-tsehatra eo amin'ny fiainan'ny zaza ampahoriana indrindra ny Fahasoavan'Andriamanitra. Maniry ny hanao izay fanandramana izany miaraka amin'Ilay Andriamanitra El Roi va ianao, mba hahafahanao mahita ny fiasany eo amin'ireny Ismaela fantatsika ireny ? Fanirianao va ny hampiasainy mba hitantana Ismaela iray ? Izao no fotoana mety indrindra mba handraisanao izany fanapahan-kevitra izany sy hanoloranao tena.

Te-hiteny amin'ny ankizy manatrika etoana , izay mety miaina zava-tsarotra koa aho hoe, tia azy ireo Andriamanitra ary mahita azy ireo, na aiza na aiza misy azy ireo. Hitan'Andriamanitra ilay zazalahy fony izy nandry teo ampototry ny hazo kely iray tany an-efitra. Mahita anao koa Izy, na aiza na aiza misy anao - na ao an-trano, na any an-tany lavitra. Mibanjina anao mandrakariva Izy. Andriamanitra no tena Mpiaro an'Ismaela, ary Izy no Ilay hany tokana sy tena Sakaizanao. Zanaka natsangan'i Jesosy Kristy no fahitany anao. Fony mbola kely ianao dia efa nijery anao Izy, ary manana fikasana tsara ho anao. Tahaka ny nananany drafitra tsara ho an'Ismaela, dia manana hoavy mampiratra ho anao koa Izy. Tahaka ny nandrenesany ny feon'Ismaela tany an-efitra dia mandre ny feonao koa Izy, rehefa miantso Azyianao, na inona na inona fahasarotana lalovanao. Vonona hanasitrana ny ratra ara-pihetsehamponao Izy.



Ho antsika rehetra manatrika etoana, amin'ny maha- andro fiaraha-mivavaka ho an'ny ankizy marefo ity andro ity, dia tiako ny hamarana izao famelabelaran-kevitra izao amin'ity tantara fohy ity.

Nisy Pretra iray namangy ny Filoha Lincoln tao amin'ny Maison Blanche, ary nilaza tamin'ny farany hoe : « Tsy tonga hangata-javatra manokana aminao aho, Andriamatoa Filoha. Tonga eto aho ankehitriny hanambara aminao fa manohana anao tanteraka ny vahoaka any Avaratra ary mbola hanohana anao hatrany. Atolotra anao manontolo izay rehetra anananay, ny ain'ireo zanakay lahy, ny fahatokianay ary ny vavakay. Inoanay fa fantatrao fa amin'izao vanim-potoana misy antsika izao dia tsy misy ray na reny tsy mivavaka amin'Andriamanitra mba hanomezany anao hery sy fahendrena. » Nipatrapatraka ny ranomason'Andriamatoa Lincoln raha namaly hoe : « Raha tsy noho ireny vavaka ireny dia mety ho efa nialasala, eny efa ela mihitsy aho no tsy nahomby ..... »

Nandalo teo ambany masoko ity ity tantara ity. Tsy fantatro ny tena fahamarinany. Mino aho anefa fa raha samy mampilefitra ny lohalitsika isikaary mangataka amin'Andriamanitra mba hitarika antsikaho eny amin'ireny ankizy marefo ireny, dia hitarika antsika ho eny amin'izy ireny tokoa Izy, mba hampisy fahasamihafana eo amin'ny fiainan'izy ireny.

## **VAVAKA MANOKANA**

Hivavaka isika :

- 1) Ho an'ireo ankizy marefo iharan'ny fanararaotana, na fampijaliana ara-tsaina, ara-pihetsehampo ary ara-batana – eny mety ho ara-nofo mihitsy aza.
- 2) Mba hitarihan'Andriamanitra antsika ho eny amin'ireny ankizy marefo ireny.
- 3) Mba hahatonga ny fiangonana hijoro ; mba hahatonga ny olona tsirairay hanaiky hijoro, handray ny tanaan'ny ankizy iray, hikarakara azy ary hanome azy tombontsoa hahatonga azy ho olom-banona, eo anivon'ity tontolo marary ity.
- 4) Mba hiarovan'Andriamanitra ny ankizy rehetra ao anatin'ity valan'aretina ity.